
# ALAHADY FAHA 30 MANDAVANTAONA -B-2024



## « Matokia! mitsangàna, fa antsoiny ianao » (Mk. 10, 49)

Ry Kristianina havana, izao Alahady izao no alahady ankalazana ny andron'ny misiona sady mbola eo am-panaovana ny volan'ny Raozery no miatrika ny SINAODY ka miaraka amin'i Masina Maria isika mitalaho ny fahasoavan'Andriamanitra hanampy antsika amin'ny fiaraha-midinika ataontsika. Enga anie ho SENAKLA tokoa ny fihaonantsika ka sady hahay hihaino ny bitsiky ny Fanahy Masina isika no hahay hifampihaino ka hahita ny sitrak'Andriamanitra, hitondra antsika amin'ny fiainam-baovao, hahatonga antsika ho EGLIZY VELONA VELOMIN'NY BATEMY MPIRAY TAMPO MIARA-DIA KA MIFANASOA MIFAMPITSIMBINA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA KA ZARY TABERNAKLA VELONA, ho "génération mpanorina".

**Vakiteny I :** Jer. 31, 7-9
**Tononkira :** Salamo 125
**Vakiteny II :** Heb. 5, 1-6
Evanjely : Mk. Mk. 10, 46-52

Manambara zava-dalina ny Evanjely atolotry ny Eglizy niany alahady faha-30 mandavantaona. Evanjely mitantara ny fifanojoan'I Jesoa tamin'ny jamba anankiray. Bartime no anarany. Maninona no nanome anarana ny mpanoratra? Voalohany mila mifanojo amin'I Jesoa tsiraikiraiky isika satria maro ny zavatra maha-jamba antsika eo amin'ny fiainantsika fa indrindra vokatr'izao krizy marolafy manapotika ny fiainantsika. Izay no nahatonga antsika milaza matetika hoe :"very fanahy mbola velona ka tsy mahita ny lalan-kaleha". Faharoa, tahaka an'ilay jamba voalaza ao amin'ny Evanjely ny tontolom-piainantsika

sy ny tontolo iainantsika ary ny tontolom-pinoantsika satria araka ny averintsika matetika, robaka, potika ireo fifandraisana telo fototra ny mahaolona antsika ka maizina tsy hita izay aleha. Ary indrisy tahaka ny hitantsika ao amin'ny Evanjely mifanilikilika isika. Misy mampangina mba tsy ho re ny hiaka sy antso… Misy mampiditra an-tranomaizina aza… Soa ihany fa tsy izany i Jesoa.

Niantso ilay jamba nikiaka sy nivavaka nanao tamin'i Jesoa hoe " *Ry Jesoa zanak'i Davida ô mamindra fo aminay*". Nositranin'i Jesoa ilay jamba "*Mandehana fa ny finoanao no nahavonjy anao*". Azontsika hognono tsara amin'izao ny antony anaovantsika ny Sinaody. Voalohany mila mibebaka isika mivavaka mitalaho ny famindrampon'Andriamanitra. Raha te-hositraniny isika amin'ireo aretina maro mikiky ny fiainantsika dia mila hamafisina ny finoana satria ny finoana no mahavoavonjy. Izao sinaody izao indrindra no tsy maintsy handalinantsika ny fifandraisantsika mba ho mpiray tampo mifampitsimbina sy mifanasoa toa izay mifanikilika. Fantaro fa isika izao no Kristy Mpiara-belona amin'ny olona. Miandry antsika ny tontolo iainana efa jamba, ny tontolom-piainana jamba, tontolom-pinoana. Mila antsika tahaka an'I Bartime niandrandra an'I Jesoa. Mila anao, mila ahy mila antsika izao andro izao hanokatra ny masony. Araka izany maniraka antsika mitsangana i Jesoa hijoro ho Tabernakla velona, ho taranaka mpanorina tokoa, tsy amin'ny alalan'ny angovontsika fotsiny fa noho ny asan'ny Fanahy masina entanin'ny finoana sy fahasoavan'Andriamanitra. Izany hoe mitoetra ao amin'i Jesoa isika ka itoeran'i Jesoa ny fiainantsika mahatonga antsika hamokatra be ka ho feno hafaliana ny fiainantsika. Raha atao teny hafa mila antsika hanana fiainana eokaristika, mahafoy manompo tsy misy fihatsaraham-belatsihy.

Amin'izao Alahady tsotra faha-30 mandavantaona izao dia atolotry ny Eglizy amintsika ny tena fototra hahafahantsika mivelona ny teny fanevan'ny Fijanonana fahatelo izay teny mifanaraka rahateo amin'ny andron'ny misiona : FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIFANASOA SY MIFAMPITSIMBINA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA. Tsy maintsy mitoetra ao amin'i Jesoa ary hitoeran'i Jesoa ka velona marina isika sy mamokatra. Atolotry ny Eglizy androany amin'ny alalan'ny vakiteny ny kritera hahafantarantsika fa velona ny finoantsika fa tsy finoana entim-pahazarana. Raha velona ny finoantsika dia mitoetra ao amin'i Jesoa isika ary itoeran'i Jesoa. Vokany mivelona ny fiainana eokaristika isika izany hoe mifanompo satria vonona mahafoy ka zary mifanasoa sy mifampitsimbina.

Amin'ny vakiteny voalohany sy ny Evanjely dia mampianatra antsika fa raha miantso an'I Jesoa isika dia Izy hampahiratra antsika ka manafaka antsika. Mila mihaino Azy isika. "Mihainoa ry Israely". Izany dia tsy hoe mitandregny fotsiny fa sady mihaino no mampiditra ao am-po ary manatanteraka an'izay henoina. Izany no atao hoe finoana velona fa tsy finoana an-kandrina na finoana entim-pahazarana. Tsara ihany koa ny manamarika fa tsy misy fiekem-pinoana ohatry ny ataontsika izao ny ao amin'ny Baiboly fa noho ny fandalinana ataontsika sy ny asan'ny Fanahy masina no nametraka ny fiekem-pinoana. Fa hatramin'ny voalohany raha niseho tamin'ny mpianany ka niova tarehy teo an-tendrombohitra i Jesoa dia

nolazain'Andriamanitra i Piera, i Joany ary Jakoba "*mihainoa fa inty no zanako malalako*" izany koa no nataon'Andriamanitra tamin'ny vahoakan'Israely "*Mihainoa ry vahoakan'Israely*" Ary mbola izany koa no hiainantsika aorian'ny sinaody ka hahatonga antsika ho taranaka mpanorina, mifampitsimbina, mifanasoa….vokatry ny fahaizantsika ihany koa mifampihaino hatramin'ny zava-boary…

Matoa mivarilavo ny fiainantsika dia tsy manana ny "capacité d'écoute", tsy manana ny fahaizana mihaino araky ny voalazan'Evanjely isika. Ny fahaizana mihaino no mampiova ny fiainantsika ka hahatonga antsika hanana ny fiovana amin'ny tsara ka ho tena EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY. Hararaotintsika izao SINAODY izao hahaizantsika mifampitandregny, hifampihaino ka hahafantsika miara-dalana, miara-mivavaka ary miara-mandalina ny finoantsika araka ny foto-kevitra fototra amin'izao sinaody faha-7 izao ka iombonantsika amin'ny Sinaody erantany. Izany no nampianarin'Andriamanitra ny vahoakany ary tohizan'i Jesoa amin'ny Evanjely sy mbola tohizan'ny Eglizy amin'ny vaninandro iainantsika izao. Izany no toe-panahy fototra amin'ny Sinaody ny fahaizana mifampihaino. Ary io ihany no lalana ahafahantsika manova ny fifandraisana rehetra na ny fifandraisana amin'ny zava-boaary, ny fifandraisana amin'ny fiaraha-monina ary fifandraisana amin'Andriamanitra. Matoa isika mamotika ny tontolo dia noho isika tsy mahay mihaino ny zava-boahary fa manao ny saim-pantantsika. Matoa mikorontana ny fiainantsika dia noho isika tsy mahay mifampitandregny intsony. Amin'ny vaninandro iainantsika izao dia ny écouteurs no hita amin'ny sofintsika matetika ka tsy afaka mihaino zavatra hafa intsony na eny ambanivolo izany na eny an-tanan-dehibe, ka tsy misy intsony ny fahaizana mihaino ny hafa. Matoa mikorontana ny fiainakaviana, ny fanjakana, ny mpanao politilka isan-karazany dia tsy misy intsony ny fahaizana mihaino.

Manambara fifampitokisana ny fahaizana mihaino, dingana amin'ny finoana izany satria misy fifanajana. Ambaran'ny Evanjely amintsika fa ny tena vokatry ny finoana dia ny fahaizana mihaino, raha mahay mihaino isika dia midika ny fahaizantsika mandrafitra ny fiainantsika ka hahatonga antsika ho taranaka mpanorina tokoa, ho taranaka izay mampihatra ny rariny sy ny hitsiny, mampanjaka ny fifankatiavana. Hoy i Jesoa "*Tiavo ny Tompo Andriamanitrao, amin'ny fonao, ny fanahinao, ny sainao ary amin'ny herinao manontolo*". Manambara fa mivelona amin'ny fihainoana izany sy manambara fa mitoetra ao amintsika Andriamanitra izany hoe i Jesoa mitoetra ao amintsika. Raha Izy mitoetra ao amintsika dia mivelona tahaka an'i Jesoa isika ka manahaka ny fiainan'i Jesoa ny fiainantsika. Izany no atao hoe : fiainana eokaristika ka zary Kristy Mpiara-belona amin'ny olona isika. Raha miova ny fiainantsika dia tsy ilaina intsony ny sorona dorana araky ny hafatry Jesoa ao amin'ny evanjely fa ny sorona dia ny fahaizantsika mifamela heloka sy mifamindra fo ka amin'izay folaka ny fiainantsika ka fiainana maha-zanak'Andriamanitra ny fiainantsika izany hoe Eglizy Olo velona, velomin'ny Batemy ka zary mpiray tampo ka mifanasoa sy mifampitsimbina. Hitantsika amin'izany araky ny averimberina amintsika fa izao sinaody fijanonana faha-3 izao dia sady fanohizana no

fivelomana ny KEN 2024 satria raha mifampihaino isika dia mizotra amin'ny tena fihavanana sady kristianina no malagasy.

Azo lazaina fa io fihavanana sady kristianina no malagasy io no ilay didy faharoa izay mitovy amin'ny voalohany dia "*Tiavo ny namanao tahaka ny tenanao*", tsy misy didy lehibe mihoatra ireo, raha mivelona an'izany ianao dia mivelona eo anivon'ny fanjakan'Andriamanitra. Io no ampianarin'i Md Joany antsika "*Raha misy milaza azy ho tia Andriamanitra nefa mankahala ny mpiray tampo ara-pinoana dia mandainga izy*". Raha ny eo akaikiny tsy tiany ataony ahoana ny ho tia an'Andriamanitra tsy hitany. Ny didy dia izay tia an'Andriamanitra tsy maintsy tia ny mpiray tampo aminy.

Raha te-hijoro am-pinoana tokoa isika aoka hahay hihaino an'Andriamanitra, hihaino ny tontolom-piainantsika, hihaino ny manodidina antsika sy ny tontolo iainantsika dia ny zava-boahary, tsy maintsy izany no hivelomantsika ny finoantsika, ka aoka amin'izao Alahady faha-30 mandavantaona izao hanehoantsika ny fahaizantsika miombona amin'i Jesoa. Izany rehetra no ezaka ataontsika amin'izao sinaody izao ka mila mamola-tena isika ary vonona hahafoy.

Ry Jesoa Tompo Kristy zokinay ô, nasehonao tamin'ny fiainanao izany fototra maha zanak'Andriamanitra izany, ny fifandraisana lalina tamin'ny Ray ary nanolotra ny ainao mba hamonjena anay ho fampihavanana anay samy izahay ary fampihavanana amin'ny zava-boaary. Ianao tokoa no hany Mpanelanelana sy Mpanasitrana ary Mpiantra. Sokafy ny masonao. Sitrano amin'ny faha-jambanay izahay. Enga anie ny Fanahinao Masina hanilo anay ka hahay hanararaotra izao Sinaody faha-7 fijanonana faha-3 izao hahatsapa fa mila miova tokoa izahay ka hanavao ny fifandraisanay amin'ny zava-boaary, amin'ny mpiara-monina aminay, ary fifandraisanay amin'ny Ray. Ampio izahay hanana finoana velona ka ho taranaka mpanorina tokoa hahay hanova ny fiainanay araka ny sitrakao. Ry Masina Maria Reny ô maro ny zavatra mahajamba anay amin'izao vaninandro iainanay izao vokatry ny krizy. Manao izao Sinaody izao izahay. Enga anie ho Senakla ho anay ka hisokatra ny fo amam-panahinay ka hahita an'i Jesoa eo anivon'ny fiainanay ka zary FIANAKAVIANA EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIFANASOA MIFAMPITSIMBINA KA ZARY TABERNAKLA VELONA MISIONERA MAMAFY FIADANANA, FIHAVANANA, FANANTENANA manampy ny hafa hiala amin'ny fahajambany. Md Josefa Ray Mpitaiza ny Eglizy Erantany maro ny fianakaviana Eglizy Kely no mikorontana satria jamban'ny rendrarendra atolotr'izao tontolo izao. Mivavahà ho an'ny raim-pianakaviana mba ho Ray tahaka anao ka hitarika ny ankohonany hanaja ny hasin'ny fianakaviana ka samy hahita ny fivelarana ny rehetra. Torak'izany koa izay rehetra Tompon'andraikitra mba hanana izay "fon-dray" tahaka anao eo am-panefana ny adidiny ka hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana hahitan'ny rehetra ny fivelarana marina sy maharitra. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson